
# TORITENY - ALAHADY faha-28 TSOTRA -TAONAD 2025



## *“Mitsangàna, ary mandehàna, fa ny finoanao no nahavonjy anao”.*

Ry Kristianina havana ao anatin’ny volana oktobra izay ibanjinantsika manokana ny maha-misionera antsika sy ny maha-iraka antsika isika. Vita batemy aho ka irahina ho vavolombelona eo anivon’ny mpiara-belona. Ny volana oktobra no ibanjinantsika koa amin’ny alalan’ny fanaovana ny raozery ny misterin’ny famonjena antsika iarahana amin’i Masina Maria. Izany no maha-misionera antsika, manorina EOV sy ETA ka manitatra ny fanjakan’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fitoriana ny Vaovao mahafaly izay mahatonga antsika Kristianina, ho Kristy mpiara-belona amin’ireo manodidina antsika ka ho génération mpanorina. Amin’izao ady sady dia mitondra antsika amin’ny fankalazana ny faha-70 taonan’ny niorenan’ny diosezy ankalazantsika mandritra ny fanantanterahantsika ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 (troisième session) izao ao anatin’ny taon-jobilin’ny fanavotana antsika izao dia hiezaka isika isam-pianakaviana Eglizy kely hivavaka hanao Raozery ary hamerin-kaja indray ny andro sabotsy andron’ny fianakaviana.. Maherezà àry isika amin’ny ady amin’ny ratsy mety misakana ny dia. Ny ratsy tokoa araka ny averimberitsika no iadiana fa tsy ny olona na oviana na oviana ary aoka tsy ho diso lalana isika fa tokana ny lalana dia i Kristy fihavanantsika.

> ***Vakiteny I : 2 Mpanj. 5, 14-17***
> ***Salamo : Sal. 97***
> ***Vakiteny II : 2 Tim. 2, 8-13***
> ***Evanjely : Lk. 17, 11-19***

Ny vakiteny amin’izao Alahady faha-28 tsotra mandavantaona izao dia mampahatsiahy antsika fa ny finoana dia ampifanarahana amin’ny fiainana andavanandro.

Ireo vakiteny telo dia milaza amintsika fa fanomezan'Andriamanitra ny finoana ary mila ezaka avy amintsika ny fandraisana ny fanomezany sy ny fiainantsika izany. Tena zava-dehibe ny ezaka ataontsika satria io no hanehoantsika fa eo anivontsika Andriamanitra. Raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra manao ny asantsika.

Voalaza izany ao amin'ny Vakiteny voalohany, boky faharoan'ny Mpanjaka, mitantara an'i Naamana izay tratry ny aretin-koditra, ny habokana ka nahatonga azy nisalasala raha voairaky ny mpaminany izy hiditra impito ao anatin'ny rano, nisalasala izy nefa rehefa nanantanteraka izy dia niova ny vatany, niova ny hodiny, tahaka ny hoditry ny zazakely. *"Tamin'izany andro izany, i Naamàna sirianina niditra ka nisitrika impito tao Jordany araky ny tenin'i Elisea olon'Andriamanitra, ary tonga toy ny nofon-jazakely indray ny nofony ka nadio izy"* .

Ataoko fa mbola samy mahatadidy ny SINY ENINA, NY SAJOA SAOTA FENOINA araka ny tenin'I Masina Maria : " ataovy izay rehetra lazainy aminareo…". Izao isika mikatroka manomana ny Sinaody fijanonana faha-3 dia tsara miverina miresaka ary mifanaraka amin'ny foto-kevitra amin'izao alahady faha-28 izao.

Hitantsika fa raha mahatanteraka miaraka io ezaka io isika tsirairay avy dia hiova tokoa ny fiainantsika tahaka ny fiovana voalaza mikasika an'I Naamana. Araka ny rentsika tsy nanaiky izy fa rehefa nanao izy dia niova. Torak'izany mameno ny sajoa enina dia hiova ny fiainantsika. Raha manatanteraka ny Sinaody dia maro no hiova amin'ny fiainantsika.

Tian'ny Evanjely asongadina ihany koa fa raha vao sitrana ireo folo tratry ny aretin-koditra, dia anankiray ihany no niverina nahatsiaro an'Andriamanitra. Ny tian'ireo vakiteny asongandina, ho fampianarana fototra dia ny maha-iraka antsika ka hirosoantsika lalindalina kokoa amin'ny maha-EOV antsika izay mitondra antsika amin'ny fanatanterahana ny Sinaody sy ny faha-70 diosezy ary ny fankalazana ny Taon-Jobilin'ny fanavotantsika. Voalaza amin'ny Evanjely fa folo no sitrana fa iray no niverina nisaotra an'I Jesoa. Mahaiza isika mankasitraka an'ireo fahasoavana omen'Andriamanitra antsika. Mahaiza manararaotra izao taom-pahasoavana hiverenana amin'ny Tompo tahaka ilay marary nahalala niverina...

Fampianarana telo no tiako hifampizarana amintsika

Ny voalohany, hita fa voasedra tokoa ny finoan'I Naamana ary zavatra tsy nampoiziny no niangaviana azy. Matetika koa isika dia tahaka izany eo amin'ny fiainantsika andavanandro, misy zavatra tsotra iangavian'Andriamanitra antsika nefa heverintsika ho tsinona izany ka mikatsaka zavatra sarotra isika. Ireo boka folo lahy nifanena tamin'i Jesoa fa indrindra ilay vahiny dia nolazain'I Jesoa hoe mandehana ianareo manao fankasitrahana fa tanteraka aminareo izay nirinareo. Raha maharitra amin'ny finoana isika, raha ivelomantsika ny finoana, raha matoky ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny famonjeny isika, dia miova ny

fiainantsika. Maro amintsika ny manontany nahoana no maharitra ny fandalinana amin'ny Sinaody. Hitantsika ny valiny niany. Harараoty àry mba hamokatra ho antsika izao Sinaody izao. Manaova tahaka ilay marary vahiny niverina isika. Aoka samy vonona hikatroka ary samy hanao pelerinajy handray fahasoavana.

Matoa tsy miova ny fiainantsika dia satria tsy matoky an'Andriamanitra isika, ary tsy matoky ny Sakramenta nomen'ny Eglizy antsika. Matetika isika mivezivezy etsy sy eroa mitady andriamanin-kafa. Maro ny habokana mikiky antsika amin'izao andro iainantsika izao, maro ny mamparary, maro ny aretina amin'ny fiainantsika, marary ny fiaraha-monina misy antsika ka mila mikatsaka bebe kokoa ny fiombonana sy ny fiverenana amin'Andriamanitra isika, izany no voalazan'ny Evanjely "*Ary ny anankiray tamin'ireny, rehefa nahita fa sitrana izy, dia niverina ka nankalaza an'Andriamanitra tamin'ny feo mahery. Niankohoka tamin'ny tongotr'i Jesoa izy, dia nisaotra Azy*". Raha te ho sitrana amin'ny aretina mikiky antsika isika dia aoka hiverina amin'Andriamanitra fa indrindra amin'ny maha misionera antsika, vita batemy aho ka irahina, aoka isika hanampy ny olona hiverina amin'Andriamanitra. Ny Eglizy reny manoro antsika sy mampianatra antsika. Lehibe ny famindram-pon'Andriamanitra. Ry kristianina havana, aoka àry hanatona ny famindram-pon'Andriamanitra isika. Henoy ny tenin'Andriamanitra ary ampiharo amin'ny fiainantsika satria raha ampiharintsika tokoa ny tenin'Andriamanitra dia miova ny fiainantsika. Aoka hanangana tetezana isika hoy ny Papa Leon faha-XIV fa tsy sanatria hanangana rindrina mampisaraka fa indrindra amin'izao krizy mafy atrehintsika izao. Izany ny tena halalinintsika amin'izao fijanonana faha-3 izao: "EOV MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA…". Alao hery àry ry Kristianana havana.

Ny faharoa dia fantaro fa folo ireo nositranin'i Jesoa nefa iray ihany no nahatsiaro nankasitraka noho ny fahasoavana azony, isika koa ve mba mahatsiaro misaotra an'Andriamanitra?

Ilay vahiny tsy nahazo ny dikan'ny fahasoavana azony no niverina nisaotra sy niankohoka tamin'I Jesoa, Samaritana izy. Aoka isika hahay hankasitraka an'Andriamanitra fa indrindra amin'izao fidirantsika amin'ny Sinaody sy fanombohan'ny Jobily faha-75 ny maha-diosezy antsika izao. Koa ny fankasitrahana tsara indrindra dia ny hiverenantsika amin'I Jesoa, miainga avy amin'i Jesoa ka hitondra ny Vaovao mahafaly amin'ny manodidina antsika. Maro ny mety ho fahasoavana voaraintsika amin'izao fankalazana ny taon-jobily izao. Aoka isika hahay handray ny tenin'Andriamanitra tahaka an'I Masina Maria ka hizara azy amin'ireo manodidina antsika indrindra amin'ny volan'ny raozery izao tahaka ny nizaran'I Masina Maria tamin'I Elizabeta rahavaviny. Ry Kristianina havana mila vavolombelona, mila misionera izao androntsika izao.

Ny fahatelo dia miainga amin'ny Vakiteny faharoa amin'izao Alahady faha-28 mandavantaona izao dia tsy inona fa ny taratasin'I Md Paoly ho an'I Timote. Efa Alahady maromaro isika no namaky ny taratasy ho an'iTimote, manafatra antsika I Md Paoly androany hanana faharetana eo amin'ny fiainantsika ny finoana. Nisy nanontany hoe : "Ahoana ny hahafantarana fa velona ny finoana" ? Toetra anankiray azo amantarana na kritera hahaizana fa velona ny finoana dia ny faharetana ananantsika. Eo koa ny fanompoana izay voalazantsika tamin'ny Alahady lasa teo. Raha manana faharetana isika amin'izay rehetra ataontsika, amin'ny vavaka, amin'ny fandalinam-pinoana ka hahatonga antsika ho tena katolika marina tokoa. Finoana mifototra amin'ny tena marina ny iainantsika, mila faharetana ihany koa ny maha-katolika antsika, isika mirotsaka amin'ny fikambanana masina ihany koa dia hahafantarana ny finoana velona. Ampirisihina isika hiditra amin'ny fikambanana fa indrindra ny tanora. Matetika rehefa manao tatitra amin'ny mandritra ny famangiana pastoraly dia hita fa tsy maharitra isika nefa mila faharetana ny finoana velona.

Toy izany koa ny fikatrohana amin'ny vaomieran'asa isan-karazany. Toy izany koa ny fandraisana an-tànana ny eglizintsika, mba hitohy lalandava ao anatin'ny faharetana. Ny amin'ny fankalazana ataontsika koa, ny fandraisantsika ny sakramenta fa indrindra ny Eokaristia, mba hanana ny faharetana isika. Araka ny fananarana ataon'I Md Paoly " *"Raha miara-maty aminy isika, dia hiara-belona aminy koa; raha miaritra isika, dia hiara-manjaka aminy; raha mandà Azy isika, dia Izy koa handà antsika; raha mivadika isika, Izy tsy mivadika na oviana na oviana, fa tsy mahazo mandà ny Tenany Izy".* Mampahatsiaro antsika ny sasinkira fanaontsika amin'ny salamo faha-30 "Fantatro ilay nametrahako ny fitokiako dia i Kristy ilay tsy mivadika mandrakizay". Aoka isika ho vonona hahafoy, hanompo anatin'ny faharetana.

Ry Jesoa Tompo ô misaotra Anao tokoa izahay, tsy mitsahatra Ianao manadio ny fo amam-panahinay mba ho masom-pinoana ny maso hijerenay ny manodidina anay ary fo voadio no hanompoana ny hafa fa indrindra ny madinika sy voahilika ka hahatonga anay ho Kristy mpiara-belona eo amin'izy ireo. Ampio izahay hanana finoana velona hahafahanay hanompo, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ao anatin'ny faharetana satria izany no ahazoanay ny tena famonjena ka hahatonga anay ho Eglizy Olona Velona hanitatra ny fanjakan'Andriamanitra manorina ny Eglizy Tranon'Andriamanitra ka ho zary génération mpanorina tokoa izahay. Ianao ry Jesoa no hanjaka amin'ny fiainanay mba ho ao aminay ny tena fiadanana ka hitondra fanantenana amin'ny manodidina anay tokoa izahay. Masina Maria mitodika aminao izahay amin'izao izahay miatrika krizy mafy izao, mivavahà ho anay mba handresy ny fitiavan-tena ka hikatsaka ny soa iombonana, hifampitsimbina, hifanasoa. Ankininay aminao Madagasikara, Ianao no Mpiaro voalohany azy. Mivavahà ho an'ny fandriampahalemana eran'izao tontolo izao. Md Josefa mivavahà ho an'ny fianakaviana jiaby amin'izao fotoan-tsarotra diavinay izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson